


Ramatoa Rajerison Nicole Véronique taorian'ny fanambaran'ny HCC ny vokatra ofisialin'ny fifidianana filoham-pirenena tamin'ny 07 Novambra 2018

**FANAMBARANA**

Ny mpikambana amin'ny Birao politikan'ny Antoko *« Union Nationale pour la Refondation et la Reconstruction de Madagascar»* (UNRRM) dia manao izao fanambarana manaraka izao taorian'ny lanonana manetriketrika nentin'ny Fitsarana Avo momban'ny Lalàmpanorenana nanambarana tamin'ny fomba ofisialy ny vokam-pifidianana izay ho Filohan'ny Repoblika vaovao ny 07 novambra 2018 ka nanehoan'ny olom-pirenena miisa 5 367 550 ny safidiny tamin'ny fihodinana voalohany.

Miarahaba manokana ny kandidà Andry Nirina Rajoelina izahay satria nitarika izy ary nisafidy azy ny olom-pirenena miisa 1 954 023 (39,23%) tamin'ny fihodinana voalohany.

Maneho fisaorana feno sy fankatelemana anareo mpikambana amin'ny UNRRM rehetra manerana an'i Madagasikara izahay tamin'ny nanefanareo ny adidy tamin'ny fihodinana voalohany ka nifidy ny kandidà Andry Nirina Rajoelina. Manentana anareo izahay tsy hikely soraka hiatrika ny fihodinana faharoa amin'ny fanohanana ny kandida Andry Nirina Rajoelina.

Ny olom-pirenena izay tsy nandray anjara tamin'ny fihodinana voalohany nohon'ny fisalasalana tamin'ny fanomanana ny fifidianana sy ireo « sakana samihafa » kanefa voasoratra anarana ao anatin'ny lisim-pifidianana dia manentana azy ireo izahay hamita ny adidiny amin'ny fihodinana

faharoa satria zo sy adidy amin'ny tanindrazana izany, hanara-maso ny fanisam-bato isaky ny Biraom-pifidianana ny 19 desambra 2019.

Tsy maintsy mandresy ny kandidà Andry Nirina Rajoelina izay kandidà tanora sy manana fikirizana ary MANANA TOE-TSAINA MANDRESY.

Masina ny Tanindrazana.

Alasora, faha 28 novambra 2018

**Ramatoa RAJERISON Nicole Véronique**
Filoha nasionalin'ny UNRRM
Mpanolon-tsaina "*Commune Urbaine Antananarivo* (CUA)"